

RAVOLOLONA

Ny Tantaran-dRAVOLOLONA

---

- 1- Ravololona Andriamanitra, dia avy any avaratra ao Analampiringa.
- 2- Tany ny andron'Andrianampoininerina, dia nandeha Rainifaraka sy Ratsinahamaika (mponina ao Ankorona) ka nandeha nianavaratra, lâlana hateloan'andro mba hivarotra. Rehefa tonga teo<sup>o</sup> any ny tany malalaka izy roalahy, dia nahita voronkely (sorohitra) niteny hoe :
- "Mba te-hahita soa ve, ry izy roalahy, no nivezivezy".
- Dia niherikerika Rainifaraka ka nijanona kely Ratsinahamaika. Dia nandina nanatona azy roalahy hiany ilay sorohitra ka niteny tahaky ny teo. Dia niantso Ratsinahamaika hoe :
- "Rainifaraka, andraso ange ! Hianao moa no miteny sa iza ?
- Fa hoy Rainifaraka :
- "Izaho koa mahare feo ka ataoko hianao no miteny.
  - "Tsia, tsy izaho fa asa izany feon-javatra izany.
- 3- Dia nanidina indray ny sorohitra ka nitaingina eo andohan-dRatsinahamaika, ka niteny hoe :
- "Mba te-hanantsoa ve hianareo roalahy no nivezivezy".
- Dia taitra Ratsinahamaika ka niantso hoe :
- "Endre ity voronkely miteny, ry se a.
- Dia hoy ilay vorona :
- "Tsy kely aho na ira-dRavololona Andriamanitra ka raha mba ta-hahita soa hianareo roalahy, valio ny teniko.
- 4- Dia nosamboriny teo an-dohany ilay sorohitra ka nohazoniny teny an-tànany, dia mbola niteny hiany hoe :
- "Mba ta-hahita soa ve hianareo roalahy no nivezivezy ?

L'Histoire de RAVOLOLONA

---

Divin Ravololona vient du nord, d'Analampiringa. -1

À l'époque d'Andrianampoinimerina, Rainifaraka et Ratsinahamaika, -2  
habitants d'Ankoron, partirent commercer vers le nord à trois journées de  
marche. Quand les deux hommes arrivèrent dans une vaste plaine, ils virent  
un petit oiseau (une alouette) qui leur dit :

- "Désireriez-vous trouver le bien, ô vous deux, que vous fassiez tant de  
va-et-vient ?

Rainifaraka regarda de part et d'autre et Ratsinahamaika s'arrêta un mo-  
ment. L'alouette s'approcha des deux hommes en volant et prononça une deu-  
xième fois les mêmes paroles. Ratsinahamaika alors lança cet appel :

- "Ho ! Rainifaraka ! Attends donc un peu ! Est-ce toi qui parles ou qui ?

Mais Rainifaraka dit :

- "Moi aussi, j'entends une voix et je croyais que c'était toi qui parlais.

- "Non, ce n'est pas moi, et je ne sais de qui est cette voix.

L'alouette s'envola encore, vint se poser sur la tête de Ratsinaha- -3  
maika et dit :

- "Désireriez-vous posséder ce qui est bien, vous deux, que vous fassiez  
tant de va-et-vient ?

Ratsinahamaika fut étonné et s'écria !

- "Ho ! dis, vois ce petit oiseau qui parle !.

L'oiseau dit :

- "Je ne suis pas petit, étant l'énissaire de divin Ravololona, et si vous  
désirez trouver le bien, répondez à ma question.

Il captura l'alouette qui était sur sa tête, et la retint dans -4  
ses mains. Elle prononça encore ces mots :

- "Désireriez-vous trouver le bien, vous deux, que vous fassiez tant de  
va-et-vient ?

Dia sanganehan teo izy roalahy, ka nilaza hoe :

- "Andre, ry lahity a, ambaraky ny efa ety an-tanana avy lahy, ka mbola miteny hiary ity e. Andeha heken-tsika hoe : eny.

5- Rehefa nanaiky izy roalahy, dia hoy ilay sorohitra :

- "Alefao ary aho handeha ka hoany amin'Andriamanitra isika.

Dia nalefany handina ilay vonron-kely ka nozohin'izy roalahy ato aoriana kosa.

6- Rehefa lasa lavidavitra, dia tonga teo amin-dRavololona izy roalahy. Ravololona io moa dia Andriamanitra mahatahotra, nefa ny tarehin'ny dia toy ny tashin'olona, maleny fanahy hiary ka mahafinaritra, fa ny tenany rehetra no biby mandia tongotra efatra. Misy foto-kazo telo raiki-bololona eo an-damosiny ary ilay vorona nitaingina teo atendro-dranbony ka mahafinaritra tokoa fa mavamavana erfy ny fijery azy. Misy rantsa-tanana manaraka koa eny any ny foto-kazo eny an-damosiny, ary misy hidy mihevaveva (miraviravy) eo any ny kibony.

7- Ary nony tonga teo izy roalahy, dia talanjona nijery azy ; ka ilay ratsa-tanana eny ambonin'ny to-kazo dia miteny hoe :

- "Andriamanitra izahay ka hampiadana sy hahitanareo soa ; ka mandehana etsy aloha, ento any amin'Andrianampoininerina izahay, fa hahasoa anareo roalahy sy hahitanareo soa. Nefa hasino any ny vola tsivaky izahay fa fonbanay izany, raha te-hahita soa hianareo, ka mahafoiza kely fa hanambe hianareo, fa izaho no Andriamanitra Ravololona, vololon'ny aina ka ny soa tsy fanananareo izay ela izay, dia hanananareo any ny andro sisa ; fa Andriamanitra tsy manpalahelo aho, fa manpanankarena, tsy mahavitsy aho fa mananaro ny vahoaka.

Les deux hommes ne savaient que faire, et l'un proposa :

- "Tu vois ! Même prisonnière de nos mains, elle continue à parler. Et si on acceptait en lui disant oui !

Quand les deux hommes eurent accepté, l'alouette dit :

-5

- "Rendez-moi donc ma liberté et nous irons ensemble chez Dieu".

Ils lâchèrent l'oiseau pour qu'il puisse voler, et se mirent à le suivre par derrière.

Après un assez long trajet, les deux hommes arrivèrent chez Ravo- -6  
lolona. Ce Ravalolona était un Dieu inquiétant quoique son visage fut ce-  
lui d'une personne assez pacifique et donc plaisant. Mais tout son corps  
était celui d'une bête qui marche à quatre pattes. Trois arbustes dont  
les jeunes pousses ne s'étaient pas encore épanouies, poussaient sur son  
dos et l'oiseau s'était posé à la pointe de sa queue ; et ce spectacle  
resplendissant était l'un fort bel effet. Il y avait aussi un certain  
nombre de mains sur les plants d'arbres qui étaient sur son dos, et il  
y avait des buissons le fanidy qui pendillaient sur ses flancs.

Et quand les deux hommes furent devant lui, ils restèrent émer- -7  
veillés à son spectacle. Les mains qui étaient sur les arbres solitaires  
dirent :

- "Nous sommes Dieu, nous apportons le bonheur paisible ; par nous, vous  
trouverez le bien. Aussi précédez-nous et guidez-nous vers Andrianampoi-  
ninerina ; car cela vous réussira et vous en tirerez profit. Mais aupara-  
vant, si vous voulez en faire votre profit, faites-nous l'offrande de la  
monnaie-entière, car telle est notre exigence. Sacrifiez le peu et vous  
aurez le plus, car c'est moi qui suis le Dieu Ravalolona, la promesse de  
vie ; et les biens qui pendant si longtemps vous ont manqué ; vous les  
posséderez pour le restant de vos jours. En effet, je suis le Dieu qui ne  
plonge pas dans la misère, mais procure au contraire les richesses ; je  
ne diminue pas le nombre des sujets, au contraire, je l'augmente.

- 8- Izaho no manana andro roa ny mazava haiko hamaizinina ary ny maizina haiko hazavaina, ka izaho no hery sy tanjaky ny osa. Manana maso fito hijery ny hita sy ny tsy hita aho, nahalala ny velona sy ny maty aho.
- 9- Miakatra any an-danitra aho ka midina aty an-tany koa ; miakatra aho tsy hita-maso, midina tsy hita-maso.
- 10- Izaho no Andriamanitra mahodidina ity nosy ity indray andro hiany miantsinanana sy mianatsimo any Ifaradofay, manodidina ny ranomasina andrefana ka tonga <sup>o</sup>any ny ranomasina avaratra ao Antomboka, ka hatrany Imojanga vao miverina eto indray. Ka andeha hianareo roalahy mipetraka <sup>ao</sup>an-damosiko <sup>o</sup>any ny foto-kazo, ho entiko hijery izao tany izao anio ka hahita ny manodidina ny nosy anio hiany, fa ny tany rehetra dia honeko ny mpanjakanareo.
- 11- Dia nitaingina teo an-damosiny <sup>o</sup>apototry ny to-kazo izy roalahy ka nentiny nanodidina any Madagasikara indray andro hiany.
- 12- Ary nony arpitso ny andro, dia nentin-dRavololona niakatra any an-danitra indray izy roalahy, ka napetrany eo <sup>o</sup>any ny rahona sy ny rivotra ary ny afo eo antenatenan'ny habakabaky ny lanitra sy ny tany. Dia nipetraka teo <sup>o</sup>any ny habakabaka izy roalahy sy ny sorohitra, fa Ravololona niakatra any an-danitra, ka nony mangatsiaka izy, dia mamin-dro <sup>o</sup>any ny afo-masoandro, ary nony mafana loatra dia <sup>o</sup>makao <sup>o</sup>any ny ranon-panalan'ny lanitra, ary raha noana izy, dia miakatra ho azy ny hanina tsara ety ambonin'ny tany sy midina ho-azy ny hanina tsara avy any andanitra.
- 13- Ary nony afaka roa-volana vao nidina avy any an-danitra Ravololona Andriamanitra, ka narahin'ny matoatoa maro dia maro tsy onby 1000, nanao fehiloa voalanga avokoa, ka nitondra azy roalahy sy ny sorohitra nidina ety ambonin'ny tany.

"C'est moi qui dispose des aspects de la journée : la clarté, je -8  
sais l'obscurcir et l'obscurité je sais l'éclairer ; aussi suis-je la  
force et la vigueur des faibles. Je possède sept yeux pour voir le vi-  
sible et l'invisible, je connais les vivants et les morts.

"Je monte dans le ciel et descends également sur cette terre, je -9  
monte invisible, je descends invisible.

"C'est moi qui suis le Dieu qui peut faire le tour de cette île -10  
en un seul jour ; je vais vers l'est, puis le sud jusqu'à Fort-Dau-  
phin, je longe la mer occidentale, j'arrive dans la mer septentrionale  
à Antonboka et je vais jusqu'à Majunga avant de revenir ici. Aussi, as-  
seyez-vous donc, tous les deux, sur mon dos au pied des arbres, que je  
vous emporte voir ce pays aujourd'hui et vous découvrirez tout le pour-  
tour de l'île aujourd'hui même, car toute la terre, je la donnerai à vo-  
tre roi.

Les deux hommes s'assirent à cheval sur son dos au pied des ar- -11  
bres solitaires et il les emporta faire le tour de Madagascar en un  
seul jour.

Et le lendemain de ce jour, Ravololona conduisit alors les deux -12  
hommes dans le ciel et les déposa parmi les nuages, les vents et le feu,  
à égale distance de la voûte céleste et de la terre. Les deux hommes et  
l'alouette restèrent donc là dans l'espace ; Ravololona lui, monta au  
ciel. Quand ils avaient froid, ils se réchauffaient au feu solaire ;  
quand ils avaient trop chaud, ils allaient à la rivière glacée du ciel ;  
quand ils avaient faim, les bonnes nourritures terrestres montaient vers  
eux et les bonnes nourritures célestes descendaient vers eux.

Et, ce ne fut que deux mois plus tard que divin Ravololona des- -13  
cendit du ciel ; il était suivi par une foule d'esprits portant tous  
une couronne de perles de corail, dont le nombre dépassait le millier  
et qui descendirent les deux hommes et l'alouette sur la terre.

- 14- Rehefa tonga taty ambonin'ny tany Ravololona sy izy roalahy, dia niteny indray Ravololona Andriamanitra hoe :  
- "Andeha indray isika hidina any ambonin'ny tany.
- 15- Dia nidina tany an'ny tany Ravololona Andriamanitra sy izy roalahy ary ny sorohitra, ka nony nilatsaka indroa hoatry ny tendrom-bohitra avo ny halaliny, dia nijanona teo <sup>o</sup> any ny hitsokitsoka izy roalahy sy ny sorohitra, fa Ravololona Andriamanitra dia mbola nandroso nidina hiary ka tsy hita-maso ho jerena intsony. Nefa tsy mety ho miazina izany lavaka lalina izany, fa mazava toy ny antoandro-be, na ny alina aza.
- 16- Ary nony naharitra roa-volana tany ambonin'ny tany indray Ravololona sy izy roalahy sy ny sorohitra (izy ireo dia tsy noana fa izay tiary no haniny nidina avy ety ambonin'ny tany ho haniny), dia vao niakatra ety ambonin'ny tany.
- 17- Ary nony afaka hateloana, dia nianatsimo niakatra'Inerina Ravololona Andriamanitra sy Rainifaraka sy Ratsimahanaika sy ny sorohitra ka tonga teo Ankorona.
- 18- Rehefa hialatra ao Ankorona izy ireo, dia nitabataba hitsena azy ny tao an-tanàna sy ny vady aman-janak'izy roalahy. Ary nony hiditra ny vohitra Ravololona Andriamanitra sy izy roalahy, dia sany nanondrika ny lohany avokoa Ankorona sady nanasina azy ; nefa Ravololona Andriamanitra dia tsy hita maso amin'izany, fa ny naha Andriamanitra azy no anasinana azy <sup>o</sup> ary ny heriny tamin-kafaliana sy fanajana lehibe. Lehibe tokoa ny fanajana mandraisan'Ankorona an-dRavololona Andriamanitra, fa ariary 160 no vola hasina nomeny sy ny manodidina <sup>o</sup> tany ny andro niakarany voalohany io.
- 19- Ary nony afaka hateloana, dia nanatona an'Andrianampoinimerina Ravololona Andriamanitra sy izy roalahy. Ny sorohitra no nirahina



Quand Ravololona et les deux hommes furent arrivés sur la terre, -14  
divin Ravololona parla à nouveau en ces termes :

- "Maintenant, descendons sous la terre.

Divin Ravololona, les deux hommes et l'alouette descendirent sous -15  
la terre. Lorsqu'ils furent descendus d'une profondeur égale à deux fois  
une haute montagne, les deux hommes et l'alouette restèrent là dans les  
profondeurs, tandis que divin Ravololona poursuivait encore sa route si  
loin qu'on ne pouvait plus le suivre des yeux. Toutefois, ce trou profond  
ne pouvait devenir obscur : il avait la clarté du jour en plein midi, même  
si c'était la nuit.

Et quand Ravololona, les deux hommes et l'alouette eurent séjour- -16  
né deux mois sous la terre (ils n'avaient pas connu la faim, car ce qu'  
ils voulaient manger, descendait pour eux de la surface de la terre), ce  
n'est qu'alors qu'ils remontèrent sur la terre.

Et trois jours plus tard, divin Ravololona, Rainifaraka, Ratsi- -17  
mahanaika et l'alouette prirent la direction du sud, pour monter en Ine-  
rina, et ils arrivèrent à Ankorona.

Ils étaient sur le point de monter à Ankorona quand les villa- -18  
geois, les femmes et les enfants des deux hommes vinrent à leur rencon-  
tre à grand bruit. Et quand divin Ravololona et les deux hommes furent  
sur le point d'entrer dans le village, tout Ankorona s'inclina et lui fit  
offrande. Toutefois, divin Ravololona était alors invisible, mais c'est  
parce qu'il était Dieu qu'avec joie et grand respect on lui faisait of-  
frande, au nom de sa force. Le respect avec lequel Ankorona reçut divin  
Ravololona, fut vraiment grand, car l'offrande que ce village et les en-  
virons lui firent en ce jour où il faisait sa première entrée, atteignit  
la somme de 160 piastres.

Et, trois jours plus tard, divin Ravololona et les deux hommes -19  
se rendirent auprès d'Andrianampoininorina. Ce fut l'alouette que

hilaza amin'Andrianampoinimerina hoe :

- "Tonga ny Andriamanitra ho anao Andrianampoinimerina, ka Andriamanitra masina sy marina tokoa ; Ravololona no anarany ; fa izaho no nira-hiny hialoha azy hilaza azy aty aminao, ka efa tonga ao ambavahady ao izy izao, ka mandehana hianao nitsena azy.

20- Dia nivoaka Andrianampoinimerina, ka nitsena azy tao ambavahady. Raha vao habita azy roalahy izy, dia nanolotra ny hasina vola ariary 1 (to-kazo) ho an-dRavololona Andriamanitra. Dia nampandrosoiny izy roalahy, fa tsy nampaka-teny intsony. Ary rehefa tonga ao an-dapa Ravololona Andriamanitra sy izy roalahy sy ny sorohitra, dia nanome zavatra ho azy roalahy Andrianampoinimerina, dia vola ariary 300 sy lamba 5 sy salaka 2 avy.

21- Izany no fifaliana nomen'ny Andriana azy roalahy izay nitondra ny Andriamanitra ho azy.

22- Dia sany faly avokoa na Andrianampoinimerina na izy roalahy nitondra azy.

23- Dia tsy naharitra ny Andriana fa niteny hoe :

- "Mba ta-hahita ny tarehinao aho Ravololona Andriamanitra ka mischoa hianao".

Dia niseho teo anatrehany Ravololona Andriamanitra ka namirapiratra nahatahotra, nefa nahafinaritra, ka hoy izy :

- "Hianao no tena Andriamanitra sy Andriananahary tokoa Ravololona o, ka tsy nisy Andriamanitra toa anao ambonin'ny tany, fa sady tsara no mahatahotra, sady manan-kery no malony fanahy".

Dia nanontany azy ny Andriana hoe :

- "Inona no fadinao Ravololona Andriamanitra o ?

Dia hoy Ravololona :

- "Izao no fadiko :

l'on dépêcha pour annoncer la nouvelle à Andrianampoininerina en ces termes :

- "Il est arrivé un Dieu pour vous. Ravololona est son nom. C'est moi qu'il a dépêché en émissaire pour vous l'annoncer. Maintenant il est déjà à la porte de l'enceinte : aussi partez à sa rencontre."

Andrianampoininerina sortit et vint l'accueillir à la porte de l'enceinte. Dès qu'il vit les deux hommes, il présenta en offrande une pièce de cinq francs (celle de l'arbre solitaire) pour divin Ravololona. Il fit entrer les deux hommes qui n'eurent plus à lui faire parvenir un message. Et sitôt que divin Ravololona, les deux hommes et l'alouette furent au palais, Andrianampoininerina fit des cadeaux aux deux hommes ; cela consistait en trois cents piastres, cinq toges à chacun et deux ceintures-tabliers à chacun. -20

Telles furent les raisons de se réjouir qu'Andrianampoininerina procura aux deux hommes qui lui avaient apporté le Dieu. -21

Chacun était content, autant Andrianampoininerina que les deux hommes qui l'avaient apporté. -22

Le Prince ne put s'empêcher de dire : -23

- "J'aimerais bien voir ton visage, divin Ravololona, aussi montre toi".  
Divin Ravololona apparut alors devant lui, resplendissant, source à la fois de frayeur et de plaisir à la vérité ; aussi dit-il :

- "C'est vous qui êtes vraiment Andriamanitra et Andriananahary, ô Ravololona ; sur la terre, il n'y a aucun Dieu qui vous soit comparable ; vous êtes tout à la fois beau et effrayant, vous êtes tout à la fois puissant et pacifique.

Le Prince lui posa une question :

- "Qu'est-ce qui vous est interdit, ô divin Ravololona ?

Ravololona dit :

- "Voici ce qui m'est interdit :

- 1 - Tongolo sy tsy mamono sorohitra.
- 2 - Ondry sy osy sy kisoa.
- 3 - Tsy idiran-javatra maty hoazy ny trano nisy ahy.
- 4 - Tsy homana lanokan'atody akoho (atody tsy foy).
- 5 - Tsy homan-paraky na manesi-drongony ny mitahiry ahy.
- 6 - Tsy idiran-kena ratsy na ny olona avy nandevina ny trano nisy ahy.
- 7 - Ny andro talata tsy azo anaovan-javatra ho ahy.

24- Ary ny fanajana ahy kosa, dia izao :

Sorona :

- 1 - Hasinina <sup>o</sup> any ny vola tsy vaky sy onena omby volavita sy omby malaza sy anonoana omby iray isan-bolana aho.
- 2 - Raha mila zaza aniko, dia mitondra menaka sy tsihy sy mason-bola hidi-vava sy vola erananbatry sy <sup>o</sup> tsotsoraka iray lava.
- 3 - Rehefa handeha hanafika ny Miaranila, dia fafazo ny rano avy ao aniko avokoa ; dia tsy nety ho resy fa nahery, tsy laitry ny basy, ary ny lefona miforoetra raha atombotra **asy**.
- 4 - Raha nisy narary, na aretina inona na inona, dia mitondra voahangy nivady ao aniko sady nivavaka dia ho sitrana izy.
- 5 - Raha hivavaka aniko, dia nijery ny nasoandro aloha vao miditra.
- 6 - Raha hivavaka aniko, dia tsy niherikerika, fa ny saotra no atolotra ho ahy, hanonezako fitahiana kosa.
- 7 - Ny hen'omby natao lanonana ho ahy dia tsy azo avoaka, fa sany nihi-nana ao an-trano daholo.

25- Ireo no sorona fanao anin-dRavololona Andriamanitra nolazainy tamin'Andrianamyoininerina ho tandremana tsara.

- 1 - L'oignon et le fait de tuer l'alouette.
- 2 - Le mouton, la chèvre et le porc.
- 3 - On ne rentre pas de choses mortes d'elles-mêmes dans la maison où je suis.
- 4 - On ne mange pas de couvis d'oeufs de poule (oeufs non éclos).
- 5 - Ne chiquent pas le tabac ni ne consomment le chanvre ceux qui me gardent.
- 6 - N'entrent dans la maison où je suis ni la viande de funérailles, ni les gens qui reviennent d'un enterrement.
- 7 - Le jour du Mardi, on ne peut rien faire pour moi.

Quant aux façons de m'honorer, les voici :

-24

SACRIFICES :

- 1 - On ne fait offrande par la monnaie-entière, on ne donne un boeuf volavita et un boeuf malaza, et on ne tue un boeuf chaque mois.
- 2 - Si quelqu'un ne demande des enfants, il apporte de la graisse, une natte, des anneaux d'argent brisés, une somme de sept centimes et une canne de tsontsoraka.
- 3 - Quand les Militaires vont partir en campagne, bénissez les tous avec l'eau qui vient de moi. Ils ne pourront plus être vaincus, mais seront puissants. Les fusils ne les blesseront pas et les sagnies se plieront si on les en frappe.
- 4 - S'il y a un malade quelle qu'on soit la maladie, il m'apporte une paire de perles de corail tout en me priant et il sera guéri.
- 5 - Si quelqu'un me vient prier, il regarde le soleil avant d'entrer.
- 6 - Si quelqu'un vient me prier, il ne cherche pas à droite et à gauche, mais vient m'offrir l'action de grâces pour qu'en retour je lui donne ma bénédiction.
- 7 - La viande de boeuf qui provient d'une fête organisée pour moi, on ne peut l'emporter : chacun la mange dans la maison.

Voici les sacrifices faits habituellement à divin Kavololona et qu'il a indiqués à Andriananpoininerina pour qu'on les observe scrupuleusement.

-25

- 26- Maro ny soa vitan-dRavololona Andriamanitra ° tany ny Andriana sy ny vahoaka, rehefa ° nanalala ireo fonbany ireo. Nefa nony ela, dia niamboho Andrianampoininerina, ka Lehidana I no nanjaka nisolo azy.
- 27- Lehidana I, dia Mpanjaka tia any Ravololona Andriamanitra, ka na inona na inona nataony dia nalaina io Andriamanitra io hahasoa ny fanjakana. Ary raha ho any an-tafika Lehidana I, dia naharesy ny fahavalo. rehetra, fa Ravololona Andriamanitra no herin'ady sy fandresibe ny fahavalo.
- 28- Izy koa dia nahavatra tsara hanao ireo fonba sy fadin-dRavololona ireo ka nanasina sy nanome voninahitra azy.
- 29- Rehefa ela no nahavitany soa ° tany ny Lehidana I, dia niamboho Lehidana I, ka Inavo no natao hoe : Ranavalona I na Rabodonandrianampoininerina.
- 30- Izy dia tia an-dRavololona Andriamanitra indrindra, ka raha hanjaka izy, dia napaka azy hitsio-drano azy, dia nanome vola ariary 1 volanena hatao hasina ho azy sy vola ariary 300 ho an-dRainifaraka sy Ratsinahamaika (mpitahiry Andriamanitra ireo) nba ho vavolombelona ny fitiavany io Andriamanitra Ravololona io.
- 31- Ary taty aoriana dia nisy fahavalon-dRanavalona I tao atsimo ao, dia tao Ikongo, Isaonjo, Ivohibe, Androy, Iharana, Ambinaniroa, Anosindrano, Ibelagaina sy hatrany Imahabo etc., hatrany andrefana ka hatrany avaratra ka hatrany ° antsinanana, nefa resin'ny herin-dRavololona Andriamanitra avokoa ireo fahavalo ireo.
- 32- Ary nony tato aoriana kosa dia naty Rainifaraka sy Ratsinahamaika ka Rainikitapo no nisolo azy nitahiry an-dRavololona Andriamanitra. Ary izao no fandevenana nataon'ny Mpanjaka azy roalahy ireo : Vola ariary 300 sikajy 4 eranambatry 3, ary lanbamena 15 avy sy salaka mena

Nombreux furent les bienfaits dont divin Ravololona fit bénéficier -26  
le Prince et le peuple, quand ils respectaient ses exigences. Toutefois,  
longtemps après, Andrianampoininerina trépassa et ce fut Lehidana I qui  
régna à sa place.

Lehidana I fut un Roi qui aima divin Ravololona. Aussi, quoiqu'il -27  
fût, on allait chercher ce Dieu pour le bien du royaume. Et quand Lehidana  
I partait en campagne, il vainquait tous les ennemis, car divin Ravololona  
est la force de la guerre et le grand vainqueur des ennemis.

D'ailleurs il suivait avec constance les exigences et interdits -28  
de Ravololona, ne manquant pas de lui faire offrande et de l'honorer.

Lorsqu'il eut, pendant longtemps, fait le bien de Lehidana I, -29  
Lehidana I trépassa. Et ce fut Inavo que l'on appela Ranavalona I ou  
Rabodonandrianampoininerina (1).

Elle, elle aima divin Ravololona au plus haut point. Aussi lors- -30  
qu'elle allait recevoir le pouvoir, elle le fit prendre pour qu'il la  
bénisse, et elle donna une piastre d'or pour lui en faire offrande et  
une somme de trois cents piastres à Rainifaraka et Ratsinahamaika (ce  
sont les gardiens du Dieu), en témoignage de son amour pour le Dieu Ra-  
vololona.

Et, par la suite, des ennemis de Ranavalona I se manifestèrent -31  
dans le sud, à Ikongo, Isaonjo, Ivohibe, Androy, Iharana, Arbinanirona,  
Anosindrano, Ibelagainta et jusqu'à Mahabo etc., de l'ouest au nord et  
même à l'est ; mais tous ces ennemis furent vaincus par la force de divin  
Ravololona.

Et quelque temps plus tard, Rainifaraka et Ratsinahamaika mouru- -32  
rent, et ce fut Rainilitapo qui les remplaça pour garder divin Ravololona.  
Et voici les funérailles que la Reine fit à ces deux hommes : une somme  
de mille cinq cent deux francs soixante dix centimes (1502,70Fr) et à

---

1) Ici il semble manquer au texte malgache une expression du genre no nan-  
jaka nisolo azy, "qui régna après lui".

5 avy, akanjo landy 3 avy, ary nozika dizeniny 2 avy. Ireo no nataony fandevenany aro noho ~~ny~~soa nataony.

- 33- Ary Rairikitapo nisolo azy roalahy io, dia lehilahy tsara fanahy tokoa <sup>ka</sup> tia sy nanaja olona, any ka, mazoto erỳ ny olona nanatona hivavaka sy hahasina an-dRavololona Andriaranitra. Izany no vokatry ny hatsaram-panahiny Rainikitapo, ka tonga <sup>o</sup> nanan-kariana izy, fa nanana andevo 650 sy vola ariary 20.000 hono, fa ny andevo no hita marina.
- 34- Be tsy aro lazaina eto avokoa ny soa vitan-dRavololona Andriaranitra tanin-dRanavalona I, ka nifanahy soa izy.
- 35- Ary taty aorina, dia niamboho Ranavalona I, ka Ikotoscheno (natao hoe Radana II) no nanjaka no nisolo azy.
- 36- Radana II, dia Mpanjaka nanao soam-po, ka nanadino an'Andriaranitra ka tsy nba naka azy hitsio-drano raha vao hanjaka, ka dia nitondra tapany izy, ka nataon'ny olona hoe :  
- "Nanaraka ny olon-tiany izy", fa ratsy noa ny mpihevitra, fa ry zalahy Andriantiariv'la, no manolo-tsaina (dia ny Misotra izany) ka misotra (niala) tokoa no farany, fa ny Mpanjaka narahina novonoina, ny Misotra mpanaraka izy notapahin-doha, ka natao toka fito ny tenany, ka ~~azon~~-pahoriana fona teo.
- 37- Izany no hita tanin-dRadana II, ary Rabodozanakandriana (natao hoe : Rasoherinanjaka) no nanjaka solon'ny 12 Manjaka, fanovan'izy 3 mianaka.



chacun quinze linceuls, cinq ceinture-tabliers rouges, trois habits de soie et deux dizaines de musiciens. C'est cela qu'elle fit pour leurs funérailles à cause du bien qu'ils avaient fait.

Et Rainikitapo qui remplaça les deux hommes, fut un homme d'une grande bonté ; il aimait et respectait les gens ; aussi bien les gens étaient-ils encouragés à venir prier divin Ravololona et à lui faire offrande. Ce fut le fruit de la bonté de Rainikitapo, et il devint riche et posséda six cent cinquante esclaves et, dit-on, vingt mille piastres ; mais c'est des esclaves que l'on est sûr. -33

Les bienfaits dont divin Ravololona gratifia Ranavalona I, sont si nombreux qu'on ne peut tous les citer, et ils se rendirent l'un à l'autre le bien. -34

Et par la suite, Ranavalona I trépassa, et ce fut Ikotoschono que l'on appela Radama II, qui régna et la remplaça. -35

Radama II fut un Roi qui agissait selon son bon plaisir, il oublia Dieu et ne le fit pas prendre pour qu'il le bénisse, lorsqu'il allait recevoir le pouvoir. Aussi ne gouverna-t-il qu'à moitié, et les gens dirent : "Il a suivi les gens qu'il aimait". Il faut dire que les hommes de son conseil étaient mauvais, car ce sont les Andriantiavola (1) qui le conseillaient (j'entends par là les Ministres) (2), si bien qu'ils finirent effectivement par s'en aller : le Roi que l'on avait suivi, fut mis à mort ; aux Ministres, qui l'avaient suivi, on coupa la tête, l'on fit sept tas de leurs corps et ils furent ainsi victimes d'un malheur aux raisons inapparentes. -36

Voilà ce que l'on vit du temps de Radama II ; et ce fut Rabodozanakandriana (qu'on appela Rasohermanjaka) qui régna à la place des Douze Régnants, remplaçant des trois Parents. -37

- 
- 1) Andriantiavola : ici, il faut prendre ce nom au sens propre : "les princes avides d'argent".
  - 2) Jeux de mots sur Misotra pour Ministre et Misotra "s'en aller".

- 38- Rasoherina dia tsy mba nanova izay nataon ny 12 Manjaka, fa nanome voninahitra an-dRavololona Andriamanitra, ka nanasina azy<sup>o</sup> tany ny ariary 1 volamena, ka naka faraniloahany (tahaka) tanin-dRanavalona I raha vao hanjaka, koa na inona na inona hataon-dRasoherinanjaka, dia naka an-dRavololona Andriamanitra izy hiara hihevi-panjakana aniny. Nanome vola ariary 300 an-dRainikitapo koa izy raha vao hanjaka, dia nihiaka hanome toky Rainikitapo hoe :
- "Matokisa marina hianao Rasoherina, fa tsara Andriamanitra hianao, manana an-dRavololona Andriamanitra nahery etc.
- Dia faly Rasoherina fa nahazo toky.
- 39- Dia nisy fahavalon-dRasoherina tany Imandridrano, ka hoy izy :
- "Aiza no hevitra ity, ry Ikaky Rainikitapo, fa injao mikorontana ao andrefana ao, ka ataovy ny fanao tanin'Andrianampoinimerina sy<sup>o</sup> Ilaidana I sy Rabodonandrianampoinimerina.
- 40- Dia nitavana indray Rainikitapo, ka nanao hoe :
- "Avelao ho ahy irery izao fa hataoko potipotika. Matokisa hianao fa resy izao na dia tsy ho any aza aho, fa ataoko fady raha mba hisy basy hipoaka ao na iray aza.
- 41- Rehefa notsapaina izany tabataba izany dia resy tsy niady, ka tsy nisy basy nipoaka tokoa na iray aza.
- 42- Ary nony taty aoriana, dia lasa any Antaninandry Rasoherina hilonan<sup>o</sup> any ny rano mafana ao Andranomafana.
- 43- Dia nikony ny taty Antananarivo, fa nanangana an-dRasata ho Mpanjaka, ka Raininanonja sy ny nanany rehetra no nanangana azy. Dia niakatra ny Andriana Rasoherina ka teo Amboditsiry no nanantana. Dia niteny Rainikitapo hoe :
- "Aza matahotra Rasoherina, fa ho vita moramora izao tabataba izao, ka hanolo-tena aminao ireo mpanao andrian-droa ireo ka ho gadrainao.

Rasoherina ne changea rien de ce qu'avaient fait les Douze Régnants; -38 elle fit honneur à divin Ravololona, lui fit l'offrande par la piastre d'or et, pour échapper à la malédiction, reprit modèle sur Ranavalona I, quand elle fut prête à recevoir le pouvoir. Aussi quoi que fit Rasoherimanjaka, elle faisait prendre divin Ravololona pour qu'ensemble ils réfléchissent au gouvernement. Elle donna aussi, avant de recevoir le pouvoir, trois cents piastres à Rainikitapo.

Rainikitapo s'exclama pour lui donner cette assurance :

- "Soyez sans inquiétude, ô Rasoherina, car vous avez un Dieu bon, et puissant, etc.

Rasoherina fut heureuse d'avoir reçu cette assurance.

Rasoherina eut des ennemis dans le Mandridrano, et elle dit : -39

- "Quel parti prendre, ô mon père Rainikitapo, car voilà qu'il y a des désordres par là vers l'ouest, aussi faites-vous donc ce que l'on faisait sous Andrianampoinimerina, Ilaïdama I et Rabodonandrianampoinimerina.

Rainikitapo dansa encore de joie et dit : -40

- "Laissez-les moi, à moi seul et j'en ferai de la charpie. Soyez certaine qu'ils seront vaincus, sans même que j'aie à m'y rendre. Je considère comme un interdit que l'on y tire ne serait-ce qu'un seul coup de fusil.

Quand on se rendit sur les lieux pour voir ce qu'il en était, on -41 put constater que les auteurs de troubles avaient été vaincus sans combat et qu'effectivement on n'avait pas tiré un seul coup de fusil.

Et par la suite, Rasoherina partit à Antanimandry pour se baigner -42 aux eaux chaudes de Ranomafana.

Les gens d'ici, de Tananarive, se rebellèrent, et proclamèrent -43 Rasata Roi, ce furent Rainimanonja et tous ses compagnons qui le proclamèrent. La Reine Rasoherina remonta vers l'Emyrne et alla droit à Anaboditsiry, Rainikitapo dit alors :

- "N'ayez aucune crainte, Rasoherina, car se trouble finira sans peine ; ces gens qui n'attendent<sup>pas</sup> qu'il y ait une vacance pour proclamer un roi, se rendront d'eux-mêmes à vous et vous les mettrez aux fers.

- 44- Dia niakatra Antananarivo Rascherina ka tsy nisy sahy nihetsika fa nangina. Dia nanolo-tena tokoa ireo mpikomy ireo hifidianan'ny Andriana ka natao an-trano-naizina teny Andoharanofotsy.
- 45- Dia nanono onby vositra 15 Rascherina hatao lanonana na fanalam-boady ho an-dRavololona Andriamanitra.
- 46- Ary tato aoriana, dia nianboho Rascherina, ka Ramona (natao hoe Ranavalona II) no nanjaka nisolo ny 12 Manjaka sy fanovan'izy efamianaka.
- 47- Raha vao hanjaka Ranavalona II, dia nampanalainy daholo ny Andriamanitra rehetra hitsio-drano azy, ka tonga tao koa Ravololona Andriamanitra hitsio-drano azy. Dia sary <sup>o</sup>nohasiny <sup>o</sup>tany ny vola tsivaky avokoa ireo Andriamanitra ireo <sup>o</sup>tany ny andro nanjakany. Ary nony tato aoriana dia niteny Ranavalona II hoe :  
- "Ankiniko anin'Andriamanitra ny ahy ny fanjakako, fa ho dorako ny sampy rehetra".
- 48- Dia nirahina eny Ankorona Rainikotonanga, li Voninahitra handoro an-dRavololona ary nony tonga eny Ankorona izy, dia nilaza ny tenin' Andriana hoe :
- 49- -"Izao no tenin-dRanavalona II : "Ho dorako ny sampy rehetra, fa hankiniko anin'Andriamanitra ny fanjakako". Ka avoahy Ravololona ho dorana, fa tsy anareo fa an'ny Manjaka.
- 50- Dia gaga tery ny tao an-tanàna, fa Rainikitapo (mpitahiry Andriamanitra) dia teny anati-saha. Dia nampanalaina faingana Rainikitapo, ka nolazaina ny tenin'Andriana. Dia nanasina Andriana izy ka navoakany ho dorana Ravololona.
- 51- Rehefa nalatsaka tao anati-afo Ravololona, dia nirehitra ny lanba jaky notafiany, ary izy dia nifositra tao anati-afo ka nilatsaka any ambanin'ny tany tsy hita noanor, ka tsy hita ambarak'androany.

Rasoherina monta à Tananarive ; et ce fut le calme car nul n'osa -44  
bouger. Ces rebelles se rendirent effectivement d'eux-mêmes pour que la  
Reine désigne ceux qui allaient être emprisonnés à Andoharanofetsy.

Rasoherina tua quinze taureaux coupés aussi bien pour faire fête -45  
à divin Ravalolona que pour tenir ses engagements.

Et par la suite, Rasoherina trépassa, et ce fut Ranona (qu'on ap- -46  
pela Ranavalona II) qui régna à la place des Douze Régnants, remplaçante  
des quatre parents.

Lorsque Ranavalona allait recevoir le pouvoir, elle fit prendre -47  
tous les Dieux pour la bénir ; divin Ravalolona y vint aussi pour la bé-  
nir. Et le jour où elle prit le pouvoir, elle fit l'offrande de la monnaie  
entière à chacun de tous ces Dieux.

Et par la suite, Ranavalona II dit :

- "En ce qui est de moi, je confie à Dieu mon royaume et je brûlerai tous  
les palladium".

Et l'on dépêcha Rainikotonanga, 11 Honneurs, à Ankorona pour brû- -48  
ler Ravalolona. Lorsqu'il arriva à Ankorona, il fit part de la sentence  
royale :

- "Voici ce que vous dit Ranavalona II : "Je brûlerai tous les palladium, -49  
car je placerai mon royaume entre les mains de Dieu". Aussi sortez Ravo-  
lona qu'on le brûle, car il n'est pas à vous mais à la Reine".

Quel étonnement chez les gens du village, car Rainikitapo (gardien -50  
du Dieu) était dans les champs. On fit vite chercher Rainikitapo et on lui  
fit part de la sentence royale. Il fit offrande à la Reine et sortit Ravo-  
lona pour qu'on le brûlât.

Quand Ravalolona fut jetée dans le feu, le tissu de pourpre dont -51  
il était vêtu, s'enflamma, et lui, il se mit à tourner rapidement sur lui-  
même dans le feu et descendit sous la terre à une profondeur dont on ne  
peut avoir idée et on ne l'a plus revu jusqu'à ce jour.

52- Dia niteny Rainikotomanga II Voninahitra irak'Andriana hoe :

- "Raha nisy milaza fa tsy may Ravalolona, dia meloka.

53- Dia indray niredona ny olona hoe :

- "Izay ataon'ny Manjaka<sup>o</sup> nahatarantitra azy.

54- Izao no sarin-dRavalolona Andriamanitra tao Ankorona :

.....

-----

Alors Rainikotonanga, 11 Homneurs, émissaire de la Reine, dé- -52  
clara :

- "Si quelqu'un dit que Ravalolona n'a pas été détruit par le feu, il  
est coupable".

Alors les gens déclarèrent à l'unisson : -53

